## Filohan'ny FMF

# Toa nifanao "deal" Hery Rasoamaromaka sy Lova Ramisamanana 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Asabotsy 24 Aogositra 2019 Laharana 944 Vidiny : 400 Ar


**Faminaniana sy fanambarana an'izao tontolo izao (GV 144), Madagasikara 14 aogositra 2019** 5


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Antsahamanitra, Ampefiloha 2

# Nirefotra ny basy nandriaka ny rà, jiolahy 2 maty



## Fandaminana sy fanadiovan'ny CUA 3

# Ho esorina izay mpandoto ny tanàna...



### TRANGA SOSIALY 6

**Mijaly rano ny Hopitaly Befelatanana**



### Raharaham-pirenena 3

**Tetezamita faharoa ny fitondrana Rajoelina**

### Zandary sy ny kaominina 6

**Nahatratra jiolahy 3 nangalatra « panneaux solaires » teny Ampitatafika**

### Vokatra miditra eto Madagasikara 7

**Nahitana vokatsoa amin'ny tsena anatiny ny fametrahan'ny tataon-ketra...**

### Daka kely

Toa manao propagandy indray ialahy tany Tsaratanàna ry Boaikely a !

### EPP Ankeniheny 5

**Notoloran'ny CUA fitaovana ireo ankizy hanala fanadinana CEPE**



Senatera Olga Ramalason

## Mila fantarina ny famatsiam-bolan'ireo foto-drafitrasa ataon'ny fitondrana

Voalaza fa hisy ny fanamboaran-dalana ao anatin'ny fotoana fohy : 2019-2020, fanamboarana Oniversite miisa 10, fanamboarana sekoly , Hopitaly sy ny sisa… Tokony ho ampahafantarin' ny Praiminisitra Lehiben' ny Governemanta an'ireo mpikambana ao amin'ny Antenimierandoholona ny loharanom-bola hoentina hanatanterahana an'ireo fotodrafitr'asa maro voasoritra ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny fanjakana ireo. Io no nisongadina nandritra ny fandraisam-pitenenana nataon' ny loholona Olga Ramalason Sekretera Jeneralin'ny antoko Tim tetsy amin'ny Antenimierandoholona nandritra ny fivoriana tsy ara-potoana niarahana tamin'ny Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny talata teo. Nilaza ny Sekretera Jeneralin'ny Antoko Tim, fa faly ny hanenjika isa amin'ny famokarana mari-pahaizana ho an'ny tanora mandranto fianarana eny amin'ny Oniversite vaovao izay voasorotra ao amin'ny politika ankapoben'ny fanjakana, fa tsy mba mametraka paik'ady ho famolavolana olona handraharaha sy hamokatra ary hamorona asa hoy ihany ny loholona Olga Ramalason. Nanamafy ity farany fa betsaka ireo tanora nahavita fianarana kanefa tsy mahita asa amin'izao fotoana izao. Mikasika ireo Mpampianatra sy Dokotera mpitsabo halefa hiasa any amin'ny tany lavitra andriana, nilaza ny loholona Olga Ramalason fa tsy hita soritra ireo antoka ahafahan'ireo Mpiasampanjakana hanatanteraka ny asany satria mahazo vahana ny tsy fandriampahalemana any ambanivohitra. Ny fahafantarana ny famatsiam-bola hoentina hanatanterahana an' ireo asa maro be ireo no manamora ny fanarahamaso ny asan'ny Governemanta hoy ity Sekretera Jeneralin'ny Tim ity, indrindra eo amin'ny famoaham-bolam-panjakana, mba hialana amin' ny fandanilaniampoana sy ny halatra ataon'ny Mpanatanteraka.



*Ny loholona Olga Ramalasona nandray fitenenana tetsy amin'ny Antenimieran-doholona ny Talata tao.*

***Franck Razakambelo***

Lalana sy fifamoivoizana

## Ho tokanana ny alatsinainy izao ny lalana Mahatma sy Indira Ghandi

Ho tokanana ny alatsinainy izao ny lalana Mahatma sy Indira Ghandi eto an-drenivohitra. Ny lalana voalohany dia eny Mahamasina, ny faharoa kosa etsy Tsaralalana. I Mahatma Ghandi dia mpitolona am-pilaminana ho fitakiana ny fahaleovantenan'i Inde tamin'ny Britanika tamin'izany fotoana, I Indira Ghandi kosa dia Praiministra tany an-toerana tamin'ny fotoan'androny. Ho fiomanana amin'ny fitokanana ny lalana "MAHATMA GANDHI", eny Mahamasina dia niroso tamin'ny fanadiovana ny ekipa teknikan'ny boriboritany faha efatra, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly maraina. Izany dia notronin'ireo departemanta maro isan-karazany teo anivon'ny CUA, toy ny: DUD, ny polisy monisipaly, ary ny ekipan'ny mpamonjy voina. Araka ny fangatahan'ny firenena indianina, tao aorian'ny fihaonana teo amin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny Ambasadaoro vaovaon'i Inde eto amintsika, Abhay Kumar dia haverina indray ny takelaby famantarana ny lalana izay efa nisy teo taloha. Araka izany, dia nanadio nanomboka teo amin'ny " Ecole Normale", ka hatreny amin'ny EKAR Saint Joseph Mahamasina izy ireo. Ny natao tamin'izany dia ny fanalana ireo fasika manamorona ny arabe "déssablages", fanapahana ireo hazo sy ahitra " désherbage "ary fanalana ireo fotaka sy fako manentsina ny tatatra "curage". Teo ihany koa ny fanamboarana sy famerenana amin'ny laoniny ny zaridaina izay manome endrika eny antoerana. Ny fanadiovana dia efa asa efa fanaon'ny CUA andavanandro, ny mampiavaka azy tamin'ity indray mitoraka ity dia fanamafisana ny asa sy ny fampaharetana azy. Eto dia mitaona sahady ny mponina ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny boriboritany faha efatra, RAZAFINDRAKOTO Andry, lefitra faharoan'ny delegen'ny boriboritany faha efatra, mba handala ny fahadiovana ary miantso ny fahatsapan-tenan'ny tsirairay mba hikolokolo ireo fotodrafitr'asa efa vita.



*Ny fanadiovana teny Mahamasina.*

***Isambilo***

Antsahamanitra, Ampefiloha

## Nirefotra ny basy, nandriaka ny rà, jiolahy roa maty

Nirefotra ny basy, nandriaka ny rà, jiolahy roa no maty omaly maraina tokony ho tamin'ny 9 ora teo teny Antsahamanitra, ka mpitandro filaminana angom-baovao fa nikasa hanafika olona hanatitra vola any amin'ny banky. Nanara-dia avy hatrany ny mpitandro filaminana ka raikitra ny fifanenjehana sy ny fifampitifirana teny Antsahamanitra ka hatreny Ampefiloha. Jiolahy roa no lavo nandritra ny fifampitifirana, polisy roa kosa naratra mafy vokatr'izany. Ireo jiolahy roa hafa kosa dia mbola tsy tratra hatramin'ny nanoratana fa saingy efa manenjika azy ireo an'elakelantrano any ny polisy mpitsongo dia sy ireo mpanenjika hafa ihany koa. Basy iray ihany koa no azon'ny mpitandro filaminana, tsy naninona tsy naninona ilay olona saika ho tafihan'ireo jiolahy, ny vola koa dia tsy nisy nanimbinana.

***Ny Valosoa***



*Jiolahy, anisan'ny lavon'ny polisy omaly.*

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

FITANTANAM-PIRENENA

## Variana amin'ny kajikajy politika ny mpitondra

Miharihary amin'ny vahoaka mpanara-baovao amin'ny fitantanam-pirenena, fa misy antony ny fanapahan-kevitra noraisin'ny fitondrana mbamin'ireo parlementera roa tonta ny amin'ny fanitsiana ny lalàna mifehy ny satan'ny mpanohitra, sy ireo antoko mpanohitra eto amin'ny firenena. Lalàna efa mipetraka teo hatramin'izay ary nanaiky izany aza ireo mpanao politika nanohitra ny fitondrana tamin'ny fotoan'androny izay lasa mahazo laka eo amin'ny fitantanam-pirenena amin'izao fotoana izao no noezahina nokitihina indray, fa nahoana ? Misy antony izany fa tsy mandehandeha ho azy hoy ny mpandinika. Misy kajikajy politika mazava loatra ao anatin'izany ary tsikaritra ho miha mahazo vahana eo amin'ny fomba fiasan'ny fitondrana izany tao anatin'izay naha teo amin'ny toerana azy izay. Mbola manamafy izay ny fikasana hanatanteraka hetsika eny Antsahamanitra ho an'ny eo anivon'ny seha-pampianarana ao anatin'ny eto Antananarivo. Iarahan'ny rehetra mahalala tsara, fa manana olana goavana ity sehatra ity amin'izao fotoana izao. Tsy hita mazava anefa izay vahaolana atolotry ny fitondrana entina amin'izany, kanefa tena ilain'ny ray aman-dreny sy ny mpianatra ary ny mpampianatra izany. Avela ho lasibatra hatrany ve ny zaza Malagasy sy indrindra ny zana-bahoaka? Vahaolana maika no andrasana kanefa tsy hita izany. Antony, variana amin'ny kajikajy politika ny fitondrana. Karazany tampi-maso sy fandrirarirana ihany no mety atolotry ny fitondrana amin'izao fotoana fa tsy ny tena fototry ny olana no ifotorana handaniana rondoha vahana. Tsy voakasik'izany mantsy angamba ny zanak'izy ireo satria mianatra any amin'ny sekoly tsy miankina lafo saram-pianarana na any ivelany. Efa traikefa hita anefa hatramin'izay, fa izay fitondrana variana amin'ny fanaovana kajikajy politika eo amin'ny fitantanam-pirenena dia tsy hahita fahombiazana misongadina. Ny ampitso mbola hanamarina izany.

***Sôh'son***

### *TONONKALO*

## NY TANAMASOANDRONAREO

Aminay dia ny tanamasoandro no mitondra ny fahazavana.
Izy koa no mamelona indray irony afon`ny fanantenana.
Fa tsy hoe izy indray no mandrava sy manimba an`itony tontolo,
Ka mametraka lamina hafa hamotehana ny ambanivolo.

Aminay dia ny tanamasoandro no mamerina indray ny hafanana,
Hirosoana amin`ny dingana tsara hiandrandrana an`ilay fanovana.
Fa tsy hoe izy indray no hijoro hanatevina ny haizin`ny alina,
Sy handefa ireo olo-mahantra any an-davaka tery sy lalina.

Aminay koa ny tanamasoandro dia tsy anarana hijejojejoana
Isarihana masom-bahoaka, na ho sehatra isehosehoana.
Tsy firaisana tsikombakomba amin`iretsy lazaina ho "firàmaka",
Na koa asan-devoly mpandrava hanjeràna ary koa hampandamaka.

Ka ny tanamasoandronareo, aza amboarina na koa ovàna
Hamitahana ireo olon-tsotra , ary indrindra ny "ambany tanàna".
Fa mba tano ho mpizara hafanana ary koa mpanome hazavana,
Hamafana ny anaranareo tsy ho lehiben`ny mpandika lalàna !

***DADAN`i ZINA (22-08-19)***

Ny Valosoa sy hadihady

## Raharaham-pirenena
# Tetezamita faharoa ny fitondrana Rajoelina izao

Fanitsakitsahana lalàna. Sarotra tokoa ny miala amin'ny mahazatra satria toy ny tandra vadinkoditra ka na hita izao aza fa tsy manendrika dia tsy miserana ao an-tsaina velively ny hikatsaka fomba hanesorana azy. Iaraha mahalala fa efa nitondra teo ny ankamaroan'ireo manampahefana manomboka amin'ny filohan'ny Repoblika, ny mpikambana ao amin'ny governemanta, ny ao amin'ny Antenimieierampirenena ka hatrany amin'ny sefo Fokontany. Koa raha resaka lalàna no resahina dia maro ireo nolanian'ny tao amin'ny Filankevitry ny Tetezamita (Conseil de la Transition) sy ny Filankevitra Ambonin'ny Tetezamita (Conseil Supérieur de la transition) nandritra ny tetezamita ary nisy mihitsy aza ny lalàna iraisampirenena, toy ny Tondro Zotra ( Feuille de Route) kanefa niaraha-niaina teto fa tsy nisy nampiharina ny ankamaroany. Efa tamin'izany fotoana izany no nodradradraina fa tany misy lalàna eto Madagasikara ka izay nandika ireny lalàna ireny sy niseho ho nanohitra ny fitondrana dia namoronana antontan-taratasy dia lasa tany am-pigadrana. Iaraha-mahatsiahy ihany koa fa nahazo niverina malalaka teto amin'ny Firenena ireo nanao sesitany ny tenany noho ny antony politika, ka anisan'ireny ny Filoham-pirenena voafidimbahoaka, Ravalomanana Marc, kanefa dia nosakanana tsy navela niverina na dia efa tety amin'ny habakabak'i Madagasikara aza ny fiaramanidina nitondra azy. Amin'izao fotoana izao dia Lalàmpanorenana izay nanaovana fitsapankevibahoaka ny volana septambra 2010 no iainana efa nanomboka ny taoana 2014. Na tiana na tsy tiana dia ny ekipan-dRajoelina Andry miverina eo amin'ny fitondrana indray, folo taona aty aoriana, no nandrafitra ny Lalàmpanorenana. Nosaininy ho azy ity lalàna ity. Tsy nahazo nirotsaka anefa izy ny taona 2014 kanefa nanantena ho praiminisitra tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina Hery satria nanana ny maro an'isa tao amin'ny Antenimierampirenena ny Mapar. Narary tamin-dRajoelina Andry iny toe-draharaha politika iny, ka nitady ny tetika rehetra izy mba ho lany tamin'ny fifidianana filoham-pirenena farany teo ary nahatafavoaka vava mihitsy fa « na inon-kihatra, na inon-kidona dia tsy maintsy lany izy ». Lany izy io, mitantana ny Firenena sady manana ny maro an'isa ihany koa ao amin'ny Antenimierampirenena. Midika izany fa eo am-pelatanany ny fahefana rehetra, mpanatanteraka sy mpanao lalàna. Ny Antenimierandoholona koa dia efa nogejainy, ka nalemy ilay "hery vaovao" teo aminy nandritra ny Repoblika IV-1 ka tsy afaka mikofoka fa mamitsaka. Valo volana niketrehana izay ihodivirana amin'ny lalàna 2011-013 ny governemanta Rajoelina Andry. Tsy azo nialàna intsony ny maha lehiben'ny mpanohitra ny mpifaninana taminy ny fihodinana faharoa, Ravalomanana Marc, ka nandrafitra lalàna mitsipaka izany ny depiote Razafitsiandraofa Brunelle. Tsy azo ekena, araka io lalàna lany io, ny hanendrena olona tsy voafidy ho lehiben'ny mpanohitra. Tsy izay anefa no voarakitry ny Lalàmpanorenana ka izay nanangan-tànana nandany io lalàna 01-2019/PL io dia na tsy mahafehy ny lalàna mihitsy na ninia nikimpy. Ambonin'izany, ny lalàna dia tsy misy fiantraikany amin' ny lalàna tany aloha fa amin'ny lalàna izay mbola ho laniana amin'ny ho avy (pas d'effet retroactif). Kajikajy politika nentina nanilihana an-dRravalomanana Marc tsy ho eo amin'ny toeran'ny lehiben'ny mpanohitra io lalàna io. Tsy manana ny hery sy ny toetsaina afaka mifanandrina amin'ity farany izany ny mpitondra ka mipararetra raha vao maheno ny anarany fotsiny. Araka izany dia miverina amin'ny fanaony folo taona lasa indray izao fitondrana izao ka ahiana fa tsy ho fampandrosoana sy hamadihana ny "velirano 13" ho hisy fiantraikany eo amin'ny fiainam-bahoaka sy ny Firenena fa hiverina amin'ny gaboraraka sy fandrobana ny harem-pirenena ary fibodoana ny fananan' olona toy izay nitranga nandritra ny dimy taonan'ny tetezamita. Toa mizotra amin'izany ny tranga maro samihafa iainana amin'izao fotoana izao kanefa ny gasy moa mahari-pery sy mafy toto ka rano raraka tsy azo raofina izao ka amin'ny manaraka indray manarina.

***Andry Tsiavalona***

FANDAMINANA SY FANADIOVAN'NY CUA

# Ho esorina izay mpandoto ny tanàna, hampiharina ny lalàna

Nisy ny fivoriana notarihin'ny sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), Randriamasinoro Tahiry Ny Riana tao amin'ny lapan'ny tanàna Analakely omaly maraina, amin'ny lamina vaovao: fandaminana sy fanadiovana ny tanàna manerana ny boriborintany 6 eto Antananarivo Renivohitra. Tonga tao avokoa ireo tale rehetra voakasika amin'ny asa fanadiovana, ireo delegen'ny boriborintany, ny polisy nasionaly, ny polisy monisipaly, ny tompon'andraikitry ny lapa ary ireo ekipa teknika rehetra mpanao ny asa fanadiovana manerana ny boriboritany 6 eto Antananarivo Renivohitra . Nanambara ny sekretera jeneraly Randriamasinoro Tahiry Ny Rina, fa mitohy ary hihamafy ny asa fanadiovana araka ny toro-marika nomeny ny rehetra omaly, hoesorina ireo izay rehetra mpandoto tanàna, hampiharina ny lalàna ho an'ny rehetra ary hapetraka ny fitsipika eo amin' ny mpiara-miasa satria Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy .



*Ny sekretera jeneralin'ny CUA nampivory ireo tompon' andraikitry ny fandaminana sy fanadiovana rehetra omaly.*

***Helisoa***

Antenimierandoholona

# Nitsidika ny filohany ny sekretera jeneralin'ny ANC

Tonga nitsidika tamin'ny fomba fifanajana ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rivo RAKOTOVAO Ramatoa BALEKA MBETE, Sekretera Jeneralin'ny ANC, Filoha lefitra tao Afrika Atsimo, sady efa Filoha lefitry ny Antenimierampirenena teo aloha ihany koa. Ny volana Aogositra dia volan'ny vehivavy ao Afrika Atsimo, ka mifanandrify amin'izany indrindra no antony nanasan'ny masoivoho Afrikana Atsimo an-dRamatoa Baleka Mbete izay isan'ireo vehivavy sangany amin'ny sehatra arapolitika any Afrika mba ifanakalo hevitra sy ifampizara traikefa amin'ireo vehivavy parlemantera, tompon'andraiki-panjakana sy tompon'andraikitra ambony eto amin'ny firenena Malagasy.

Niarahaba ny Filoha Rivo RAKOTOVAO Ramatoa MBETE tamin'ny nitondran'ny firenena nandritra ny fotoana naha Filohampirenena mpisolo toerana azy sy tamin'ny nahavitana ny fifidianana tao anatin'ny fitoniana satria sambany tamin'ny tantaran' i Madagasikara no nisy voka-pifidianana nilamina sy neken'ny rehetra toy ireny. Mirary ny fitohizan' izany fitoniana izany izy no sady izay ihany koa no firariantsoa sy fiarahabana nampitondrain'ny Filohan'ny Afrika Atsimo azy. Nambaran'ny Filoha Rivo RAKOTOVAO fa zava-dehibe tokoa izao fandalovan-dRamatoa MBETE izao indrindra fa ny hafatra izay nentiny ary ny traikefa ananany satria efa mandala ny miralenta ny firenena Malagasy ankehitriny, ka tsara alain-tahaka tokoa izany. Nisaotra manokana ny Filohan'ny Afrika Atsimo koa ny tenany tamin'ny hafatra nampitondrainy, tamin'ny toro-hevitra sy ny fanampiana an'i Madagasikara nandritra ny naha Filohampirenena mpisolo-toerana azy, ka naha lavorary iny fifidianana iny. Nisy ny fihaonan- dRamatoa MBETE tamin'ireo Loholona vehivavy omaly ary tafiditra ao anatin'ny fandaharam-potoanany mandritra ny fandalovany eto ny fitetezana ny Andrimpanjakana toy izao.

***Isambilo***

Filohan'ny FMF

# Toa nifanao "deal" Hery Rasoamaromaka sy Lova Ramisamanana

Saro-pahaterahana Rafahafahana, eo amin'ny tontolon'ny Baolina kitra malagasy. Tsy mbola androany na rahampitso no hifanindrandàlana ny Politika miaro vola sy ny hevitra tsara nomban-traikefa avy amin'ny tena fitiavana sy ny fikirizana an-taona maro tao anatin'ny kitra. Mazava mantsy ny resaka ! Ny vola sy ny hevitra miampy ny hakingan'ireo teknisiana, ekipa miara-miasa no hany tokana, hampivoatra sehatra iray ; tsy ny kitra na fanatanjahantena ihany.

Iza moa Lova Ramisamanana ?

Anarana vaovao, ho an'ireo izay tsy mahalala hafa-tsy baolina boribory.

Angady nananana sy vy nahitana i Prezida Lova na Lova (Mahazatra an'ireo mifankazatra aminy), tamin'ny fanajariana ny làlan'ny kitra malagasy, mizotra mankany amin'ny maha matihanina. Izy avokoa no fantatra fa tao ambadik'ireo lalao ara-pirahalahiana, iraisam-pirenena, natrehan'ny Barean'i Madagasikara talohan'i Luxembourg sy Kenya. Mifandray mivantana sy matetika amin'ireo « Agents de joueurs » miandraikitra an-dry Bolida sy ny namany i Lova Ramisamanana. Fantany amin'ny antsipiriany hoe : firy minitra no zakan'i Faneva Ima eny ambony kianja, hainy hoe narefo ny vodilaharan'ny Barea niatrika CAN iny ; tsinjony hatramin'ny hoe iza amin-dry Metanire sy ry Carolus na Anicet no « Tsara vidy » mety hilalao amin 'ireo ekipa goavana (ao Europe indrindra indrindra).

Tsy mahagaga izany satria i Lova R. no iray amin'ireo olom-bitsy, nahasahy nilaza (nialoha ny sidin'ny Barea tany Egypta) fa: « Vitan'ireo bandikely ireo, ny miakatra, eny hatrany amin'ny ampahaefa-dàlana aza. Tsy nofinofy izany ! »

Iza no nino izany raha tamin'iny fotoana iny ?

Hery Rasoamaromaka? Sa ireo filohan'ny ligim-paritra 22 ? Sa Attalah Beatrice?........

Ekena fa samy nanana ny kajikajy avy, ireo rehatra nikasa ny hirotsaka hofidiana filohan'ny FMF, na i Neypatraiky, na Doda kely na Hery be (izay no anarana akaiky ny mpitia kitra). Maro anefa ny zava-nitranga nandritra izay volana vitsivitsy izay. Nitsoka tamin'ny làlana samihafa ihany koa ny rivotra. Nisy mihitsy aza ireo nazerany ka lavo, tsy tafarina intsony ; ary nanjavona ny fikasàna.

Mifanohitra amin'ireny rehetra ireny, ny an'i Lova Ramisamanana (Filoha mpamorina ny Fikambanana Alefa Barea); rehefa nanoratra tantara, nahatafitana tamin'ny Fiadiana ny amboaran'i Afrika isika Malagasy. Teo vao nipoitra miandàlana hoan'ny mpankafy kitra sy ny vahoaka Malagasy, ny momba azy sy ny zava-bitany.

Kandida matanjaka, amin'ny fifidianana filohan'ny Federasiona izy, mazava ho azy (efa nanambara ny hirotsaka rahateo Lova R).

Tsy ireo tena mpanaraka sy mpahay ny kitra malagasy no hitsipaka izany, fa tsara toerana ho lany Filohan'ny FMF i Lova Ramisamanana.

Akory anefa ny hagagana raha naheno (ora vitsy taorian'ny fe-potoana ahafaha-mametraka ny firotsahana. Ndlr: 12 Jolay 2019), fa tsy nahafeno ny fiahian'ny filohana ligy miisa telo (03) i Lova R.?

Marihina fa iray amin'ireo fepetra enti-mirotsaka ny fiahiana avy amin'ny Filohana Ligim-paritry ny baolina kitra miisa telo (03).

Tsisy intsony ny azo natao, tamin'iny fotoana iny; efa nikatona mialoha rahateo (5ora hariva) ny fametrahana antontan-taratasy firotsahana.

Fa inona no tena nitranga?

Niaraha-nahita, mialoha ny lalao ampahaefa-dàlana, nifanandrinan'ny Barea sy ny Toniziana ny 11 Jolay 2019, samy tany Egypta avokoa, na Hery Rasoamaromaka na Lova Ramisamanana. Nisy hatramin'ny fiaraha-maka sary (Selfie)tany Le Caire tany, teo amin'ny roa tonta. Fair Play ve? Ekena fa ŠN TGV Hery Rasoamaromaka dia olona akaiky an'i Andry Rajoelina. Ny Filoha Andry Rajoelina sy Ramatoa Nathalie Rabe efa niara-niasa hatrizay ihany koa; ity farany niandraikitra ny Seraseran'ny CAF tarihin'i Ahmad fa nametra-pialàna vao haingana. Nathalie Rabe sy Lova Ramisamanana mpifanerasera ela, hatrany Paris, Frantsa.

Niditra an-tsehatra ary ve Nathalie Rabe sy Andry Rajoelina, tany Egypta tany, handamina ny raharaha? Ny Filoham-pirenena rahateo, nijanona tany an-toerana, niandry ny lalao ampahaefa-dàlan'ny Barea tao Le Caire.

Tsy asiana olana anefa, izay nifanarahan'izy ireo tany ho any. Tsy asiana olana na niroso Lova Ramisamanana na nihemotra. Ny baolina kitra rahateo , ankafizina sy lalaovin'ny Gasy foana, na tafita na rendrika; eny, na iza na iza mitantana sy hitantanana ny Federasiona eo.

Hamaranana azy, tsy maintsy atao ny tombatombana sy ny pronostika (toy ny mahazatra amin'ny kitra), izay mety hivoaka ho mpandresy amin'ny fifandonana (Beach Election) anio, any Ifaty any:

Filoha FMF: Hery Rasoamaromaka

Filoha Komity Mpanatanteraka FMF: Lova Ramisamanana. Araka ny re tamin'ny fifanarahana miafina nataon'izy ireo, tsy miafina moa izany satria misy ihany ny mahafantatra ny resaka izao !

Alefa Barea!

***Ranzefa***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny Sekretera Jeneralin'ny CUA nampivory ireo tompon'andraikitry ny fanadiovana rehetra eto Antananarivo.









## Sakafo Ny Valosoa



**Henabaolina sy tsaramaso lena** ary lasary voatabia indray no laoka amin'ny pejin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny menaka oliva



Ny soa azo avy amin'ny menaka oliva indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Menaka oliva + voasarimakirana: manadio aty.

Akora ilaina:

- Menaka oliva 1sotro,
- Ranom-boasarimakirana 1sotro,

Fikarakarana sy fihinanana azy: tena mikolo sady manadio aty isan'andro ny fihinanana ny menaka oliva sy ranom-boasarimakirana. 1 sotro avy, amin'ireo akora ireo fotsiny no afangaro tsara dia sotroina isa-maraina mialohan'ny hisakafo. Mandritra ny iray volana no anaovana ity fitsaboana ity dia tokony hahita vokatra.

Voka-tsoa hafa: mandevonan-kanina, manala ireo poizina sy ny tsimetimety any anaty, ary manadio rà ny aty rehefa tena madio. Manatsara ny fiasan'ny tsinay ihany koa sady misoroka ny fitohanana ary indrindra tena mahasamalama sy mampatanjaka. Ankoatra izay dia fantatra ihany koa fa manala ny fivontosana eo ambanin'ny maso na ny "cernes" ihany koa izy, mampamirapiratra ary manatanora endrika.

Fanamarihana: Ireo anjara asan'ny menaka oliva sy ny ranom-boasarimakirana amin'ny aty:

- Menaka oliva: mikolo ny aty sady manampy ny afero amin'ny fandevonan-kanina, manampy ny tsinay hiasa tsara koa.
- Voasarimakirana: manan-karena vitamina C, ka izay indrindra no manadio ireo kôlesterôly any anaty rà ary manadio ifotony ny aty ihany koa.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Saint Augustin any amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Saint Augustin any amin'ny distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Anantsono no anarany amin'ny fiteny Malagasy. 30 km any atsimon'i Toliara no misy azy, ao amin'ny vavaranon'ny renirano Onilahy amin'ny Helodrano na Baie Saint Augustin. Ny ankamaroan'ny mponina ao dia vezo mpanjono, fa saika hita any avokoa ny mponina avy amin'ny lafivalon'i Madagasikara. Vokatra any koa ny vary, mpiompy omby sy ondry ary osy ny any an-toerana. Manomboka ho toerana fivahinianan'ny mpizahatany i Saint Augustin ankehitriny.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 144), Madagasikara 14 aogositra 2019

***Jaona 14: 15-17 "Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko. Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin'ny fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo."***

Ry mpihaino, sy mpamaky, finaritra ve? Manam-pifaliana ve? Mahatsapa fiadanana ve? Voakasiky ny Hery sy Fahasoavana ve? Manana ny Fanahiko ve? Maharitra amin' ny fanompoana AHY ve? Manao am-po ny Teniko ve? Ny fampianarako? Mitoetra tsara ao amin' ny asako? Tena mivavaka AMIKO? Manantena fiainan-danitra? Mahalala tsara ny atao hoe fiverenan' i JESOSY sy ny fampakarambadin' ny Zanak' ondry? Ny zava-miafina eo amin' ny tany misy ny velona izay mifandray amin' ny zava-miafin' ny Lanitra? Katsaho AHO, tadiavo AHO, andramo ny Fitiavako, itoero ny finoana an' i JESOSY, aoka hino izay aloaky ny vavako, aoka hatahotra AHY JEHOVAH Ilay Tsitoha, Ilay Masina mamoaka Fahamarinana fa hianareo kosa manaova ny marina mba ho tonga any amin' ny Fahamasinana. Io no terigetran' izay hanompo ANAY, IZAHO Izay Ray, JESOSY Izay Zanaka ary ny FANAHY MASINA Ilay Fanekena, Iraka mahefa mahavita, mahasoa, mahavonjy, mahaaro amin' ny zavatra rehetra, mahavelona amin' ny zavatra rehetra, mampitombo ny zavatra rehetra, mampahatsiaro ny zavatra rehetra, tsy mahaela ny TENY FIKASANA, tonga amin' ny fotoana, iraka mahatanteraka izay rehetra ilain'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka amin' ny sarotra, amin' izay tsy ahitam-bahaolana, amin' izay mahakivy sy mampitanondrika, mahay ny zavatra rehetra amin' izay irin' ny olona sy tadiaviny. Ireo no santionan' asa ataon' ny FANAHY MASINA eo aminareo. Raha tsy tody na tsy miverina ao amin' izay nambara hianareo toy ny hoe Batisa dimy:

- Batisan'ny Fibebahana
- Batisan'ny Famelan-keloka
- Batisan'ny Rano (rano mandeha)
- Batisan'ny Fanahy Masina (porofo :Teny tsy fantatra)
- Batisan'ny Afo

dia tsy ho tonga eo aminareo mihitsy izany FANAHY MASINA izany fa mitaky FIBEBAHANA. Aza asiana ady hevitra, aza asiana fampitahana fa mahasoa izay aloaky ny vavako fa izay no atao hoe Tsindrimandrin' ny FANAHY. Tianao ny hahatonga anao eo amin' izany fampianarako izany, mivavaha dia ho tonga aminao izany araka ny Fampianarana sy ny torohevitra atao aminao. Ao amin' ny VAVAKA ve? Afaka manolotra ny fiainanao ho ao amin' i JESOSY mba ho raisiny ho adidy, ho andraikiny ny fiainanao manokana, afaka mifandinika AMINY hianao ao anaty VAVAKA. Afaka mangataka izay mahasoa anao hianao: asa ve? Fahasalamana? Tokantrano? Sns... hainy izany. Afaka misaotra ihany koa hianao amin-javatra rehetra, amin' izay mety ho fahatsapanao amin' ny fiainana : nahazo tombon' andro, mandeha tsara ny asa, ny fidiram-bola, manana hery, tanjaka sy fahasalamana. Misaotra fa mbola afaka manompo AZY, mandeha amin' ny fahitsiana sy Fahamarinana, mbola afaka midera sy mankalaza, manome voninahitra ny Anarako Masina. Fantatro JEHOVAH fa sahirana mihitsy hianareo ny amin' ity atao hoe VAVAKA ity, hoy ny sasany: tsy ilaina intsony ny miantso an' i JEHOVAH fa JESOSY ihany; hoy ny hafa: JEHOVAH ihany fa IZY no mpamorona, Fiafarana ary Fiandohana; dia hoy koa ny maro: tsy misy afa-tsy ny FANAHY MASINA irery ihany no mahefa ny zavatra rehetra, IZY ihany no antsoy. Etsy ange hianao e! ampianariko anao ny tena fivavahana mahafeno ANAY TELO IZAY IRAY, mahafeno ny rindran-damina izay nataonay ka araho tsara. Indreto misy andinin-Teny milaza ny mahaTELO IZAY IRAY ANAY.

**I Jaona 3: 24** "Ary izay mitandrina ny didiny no mitoetra ao Aminy, ary Izy kosa ao aminy. Ary izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao amintsika Izy, dia ny Fanahy Izay nomeny antsika."

**Matio 28: 18-20** "Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambarapahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao."

**Jaona 10: 30** "Fa Izay nirahin'i Jehovah Mpanjaka dia milaza ny teniny; fa tsy misy fetra ny fanomezan'i Jehovah Mpanjaka ny Fanahy. Ny Ray tia ny Zanaka ka efa nanolotra ny zavatra rehetra ho eo an-tànany."

**I Jaona 4: 9** "Izao no nanehoana ny fitiavan'i JEHOVAH antsika: JEHOVAH naniraka ny Zanani-lahy Tokana taminꞌizao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin'ny alalany."

**Jaona 5: 36-38** "Fa Izaho kosa manana fanambarana lehibe noho Jaona; fa ny asa nomen'ny Ray Ahy hovitaiko, dia izany asa ataoko izany no manambara Ahy fa nirahin'ny Ray. Ary ny Ray Izay naniraka Ahy, Izy no nanambara Ahy. Tsy mba renareo ny feony, na hitanareo akory aza ny endriny, ary ny teniny tsy mba mitoetra ao anatinareo, satria tsy mino Izay nirahiny hianareo."

**Jaona 5: 19** "Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka."

**Jaona 5: 26**"Fa tahaka ny Ray manana fiainana ho Azy, dia tahaka izany koa ny Zanaka nomeny hanana fiainana ho Azy."

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

**Telephone :** 033 12 461 43
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook :** Jehovah Andriamanitra page
**Radio:**
- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao** (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona.*
***Matio 24:35***

EPP Ankeniheny

# Notoloran'ny CUA fitaovana ireo ankizy hanala fanadinana CEPE



***Ny fanolorana fanomezana ireo mpianatra hanala fanadinana CEPE.***

Ao anatin'ny vinan' ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ny fijerena manokana ny lafiny sosialin'ny mponina, indrindra amin' ny fanampiana ireo sahirana ara-pivelomanana eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Noho izany , amin' izao ankatoky ny fanadinana CEPE ny talata 27 aogositra ho avy izao dia naniraka ny delegen'ny boriborintany faha 6 Fehizoro Andriamananjezika sy ny mpiara-miasa aminy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana hanome fanampiana ho an'ireo ankizy hanala fanadinana izay miisa 40 ao amin'ny EPP Ankeniheny. Teo ihany koa ny nitondràna am-bavaka azy ireo amin' ny fanadinana voalohany izay hatrehiny. Nahazo tombony ireo ankizy hanala fanadinana satria sady nahazo fanampiana hoentina hanala fanadinana, no nahazo baiboly masina hoentiny miatrika ny fiainana dieny mbola zaza izy ireo. Natao izao hoy ny delege Fehizoro Andriamananjezika araka ny toromarika avy amin' ny ben'ny tanàna amin'ny maha reny azy, mba hanalàna fahasahiranana ireo ray amandreny . Nanome fisaorana ny ben'ny tanàna sy ny mpiara-miasa aminy ireo solontenan'ny ray amandreny sy ireo ankizy mpianatra tamin'ny fanomezana nataon'ny ben'ny tanàna ho azy ireo . Mbola mangataka hatrany ireto farany mba hijerena azy ireo satria tena tratry ny fahasahiranana tanteraka ankehitriny .

***Helisoa***

Antananarivo madio sy milamina no tanjona

# Niara-nisalahy ireo hery velona rehetra teo anivon'ny CUA

Araka ny vinan-dRamatoa Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao RAVALOMANANA: "Antananarivo Soa lombonan'ny Malagasy" dia niaranisalahy avokoa ireo hery velona rehetra teo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) nanomboka tamin'ity herinandro ity, tamin'ny fandraisana andraikitra goavana amin'ny fandaminana sy fanadiovana ny Renivohitr'i Madagasikara. Nidina teny an-toerana samy nanao ny asa tandrify azy ireo ekipan'ny Boriboritany, ny Departemanta misahana ny Asa sosialy, ny Departemanta mpiandry ny lapa, ny mpamonjy voina, ny Polisy Monisipaly, ny ekipan'ny kabinetra, ny Polisy Nasionaly, mifanome tanana ho fanatanterahana izany hetsika goavana izany. Efa nisy ny fifampiresahana sy ny fanentanana manokana natao tamin' ireo rehetra izay voakasik'ity hetsika ity ; toy ireo mpivarotra amoron-dalana mba hamonjy tsena sy tsy hibahana ny lalan'ny mpandeha antongotra sy ny fiara , ireo mpamily rehetra manohintohina ny fifamoivoizana, ireo mpatory an-dalana izay mamela ny lotony etsy sy eroa ary manakorontana ny fandriampahalemana ihany koa, ireo mpivarotena sy mpirenireny amin'ny alina izay manao maloto sy manakotaba ny hafa. Nizotra tam-pilaminana ny fanatanterahana ny asa satria efa samy vonona avokoa ny tsirairay hanaraka ny fandaminana izay efa napetraky ny Kaominina. Tsy hihemotra intsony ireto farany amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra ary tsy hijanona fa hitohy hatrany hitazonana ny fahadiovana sy ny filaminan'ny tanàna.

***Stefa***

Mpamonjy voina CUA

# Fanomezan-drà maimaimpoana ho fankalazana ny ivon'ny faha-70 taona

Nanome rà maimaimpoana ho an'ireo mpiray tanindrazana amin'izy ireo ny Sampana Mpamonjy Voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tetsy amin'ny tobiny Tsaralalàna omaly. Tafiditra ao anatin'ny ivon'ny fankalazana ny faha-70 taona nijoroan'izy ireo izao hetsika notanterahina izao, noho ny fahatsapan'ireto farany fa maro ireo olona mila vonjy, mila rà . Mahatsapa ihany koa izy ireo mandritra ny asa vonjy voina izay ataony fa manana anjara biriky amin'ny famonjena aina ny mpiara-belona satria izy ireo tokoa mantsy no mahita voalohany ny trangana loza any anatin'ireny fiarahamonina ireny ary tena mahita tokoa fa tena ilaina ny rà. Araka ny nambaran'ny chef de corps ny sampana mpamonjy voina etsy Tsaralalàna ny Colonel RAMANOARA Francky Daniel dia manome aina ny manome rà, raha tara na tsy ampy hoy izy ny fanomezan-drà dia mety hisy fiantraikany any amin'ireo izay mila izany, ka noho izany dia resy lahatra ny sampana mpamonjy voina fa ny fanomezana rà antsitrapo dia avotr'aina ho an'ny hafa. Niisa 45 teo ireo mpamonjy voina nanome rà teny amin'ny tobin'ny mpamonjy voina omaly ary kitapon-drà 40 eo ho eo no tanjona eritreretin'izy ireo hatolotra maimaimpoana. Ankoatra ireo mpamonjy voina dia nanao fanentanana ireo mpiara-belona toy ny avy eo anivon'ny fokontany FIATA Tsaralalàna ihany koa izy ireo, mba hanao izany fanomezandrà maimaimpoana izany. Nilaza ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny fanangonan-drà fa maro tokoa no mila izany rà izany toy ireo izay miatrika fandidiana, ny voan'ny aretina maro samy hafa; mahasalama ny fanomezana rà koa entanina ireo olona izay feno taona sy salama tsara mba hanome rà maimaimpoana satria ny fanomezana rà an-tsitrapo dia manavotra aina . Ankoatra ity fanomezana rà maimaimpoana ity dia mbola misy ny ezaka "coup de lance" izay iarahan'ny sampana mpamonjy voina amin'ny Boriboritany Voalohany amin'ny fanadiovana ny renivohitra. Mbola maro ny hetsika izay ho karakarain'ny mpamonjy voina amin'ny fankalazana ny ivon'ny faha-70 taona izay nijoroan'izy ireo.

***Aly***

TRANGA SOSIALY

# Mijaly rano ny Hopitaly Befelatanana



Ny Hopitalibe etsy Befelatanana.

Hopitaly anisan'ny lehibe indrindra eto Madagasikara ny hopitaly Joseph Raseta etsy Befelatanana Antananarivo. Marobe ireo marary sy bevohoka no tsaboina ao an-toerana. Tato anatin'ny roa andro anefa izao dia tena mijaly rano fatratra tsy misy rano ity toeram-pitsabona ity, ka velon-taraina ireo mpitsabo miasa ao an-toerana . Nanambara ireo tafaresaka tamin'ny gazety no nanambara, fa na ny rano isasana tanana aza tsy misy fa manafatra sy matsaka any an-toerankafa . Ny marary ihany koa dia tena mijaly noho io tsy fisian'ny rano io . Ry masera mpiasa ao amin' io hopitaly io dia nisy no niloloha rano amin'ny siny nentina ho an'ny marary sy ampiasain'izy ireo ihany koa. Eto dia manao antso avo amin'ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny ireo marary fa tena mijaly izy ireo amin'izao tsy fisian'ny rano izao .

**Helisoa**

Boriboritany faha-3 (CUA)

# Nandoko ny faritra farany azon'ny mpivarotra ivarotana sy andehanan'ny mpandeha an-tongotra



Ny fanadiovana sy fandaminana mpivarotra nataon'ny CUA teny Namontana.

Araka ny vinan'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao RAVALOMANANA, dia nanao hetsika fanadiovana faobe sy fandaminana ny teny anivon'ny tsenan'i Namontana afak'omaly, ny boriboritany faha efatra. Niara-nisalahy nanao izany fanadiovana izany avokoa ireo mpivarotra, ny polisin'ny tsena nandamina sy nanala ireo mpivarotra izay mihoa-pefy, ka namindra azy ireo ao anaty tsena, ny lehiben'ny tsena kosa tetsy andaniny nanentana sy nampahafantatra ireo mpivarotra, mba hanaraka ny ara-dàlana hatrany. Nisy ihany koa ny fanadiovana ny tatatra "curage", nanalana ireo fako sy fotaka manentsina ireo tatatra. Raha ny voalazan'ny lefitra faharoan'ny delegen'ny boriboritany faha efatra, RAZAFINDRAKOTO Andry, dia hiroso amin'ny fanovana toe-tsaina ihany koa isika monomboka izao. Araka izany, dia nampahafantarina ireo mpivarotra fa: ny arabe dia tsy natao ivarotana fa ho an'ny fiarakodia, ny "troittoir" dia ho an'ny mpandeha an-tongotra, ary ny tsena kosa no natokana ho an'ny mpivarotra. Izao no natao dia mba ho tombontsoa iraisan'ny mponina, indrindra mba hitandroana ny filaminan'ny tsena sy mba hanalana ny fitohanan'ny fiara, ary ho fiomanana sahady hiatrehana ny fahavaratra.

**Aly**

Boriboritany faha-4 (CUA)

# Nanao fandaminana sy fanadiovana faobe teny amin'ny tsenan'i Namontana

Ho tohin'ny fandaminana izay ataon'ny Boriboritany fahatelo Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) tamin'ny mpivarotra afak' omaly dia niroso tamin'ny fametahana ny « marquage au sol » na loko mari-pamantarana amin'ny arabe izay faritra farany azon'ny mpivarotra ivarotana sy andehanan' ny mpandeha an-tongotra, ny avy ao amin'ny boriboritany omaly, izay notanterahana tetsy Soarano sy Behoririka sy ny manodidina ihany . Araka izany dia nisy ny tsipika natao izay fampahafantarana ireo mpivarotra fa tsy mahazo mihoatra an' izany izy ireo. Nosoritana avokoa ny manoloana azy ireo teo Soarano ka hatrany Behoririka manodidina ny tobin-tsolika Shell. Tonga nanatanteraka ny asa teny an-toerana ny ekipa Teknikan'ny Boriboritany sy ny ekipan'ny tsena ary ny polisy Monisipaly sy ireo Polisy Nasionaly sy ny "Intendance". Teo koa ny fanamafisana ny fandaminana sy ny fanadiovana an'ireo mpivarotra.

**Stefa**



Ny asa nataon'ny Boriboritany faha-3 tetsy Behoririka sy Soarano.

Antohomadinika

# Mpanendaka tratran'ny polisy tamin'ny 9 ora sy sasany alina

Tovolahy 01, 18 taona, monina eo Antohomadinika, no voasambotry ny polisy miasa ao amin'ny CSP4 Isotry nandritra ny fisafoana nataon'izy ireo teny amin'ny faritra Antohomadinika ny alarobia teo. Nandalo teo Antohomadinika ireo polisy mpanao fisafoana tamin'io alarobia io tokony ho tamin'ny 09 ora sasany alina . Tamin'izay indrindra no nahatsikaritra tovolahy 01 nanaraka olona avy ao aoriana ka dia nanapak'hevitra ny hanao fizahana ny mombamomba azy. Raha nahita ny Polisy nanatona azy anefa izy dia nandositra avy hatrany. Raikitra ny fifanenjehina ka voasambotra tsy lavitra teo. Nandritra ny fisavana dia tsy nahitana karapanondro teny aminy. Nandritra ny fanadihadiana azy no nahafantarana fa efa nifonja izy ny taona 2017 noho ny antony harom-paosy hatrany. Niaiky ihany koa izy fa efa hatramin'ny taona 2016 no nifoka rongony alohan'ny hanaovany ny asa ratsiny. Natolotra ny Fampanoavana ny alakamisy teo ity jiolahy ity.

**Ny Valosoa**




Ilay jiolahy tratra.

Zandary sy ny kaominina

# Nahatratra jiolahy 3 nangalatra «panneaux solaires» teny Ampitatafika

Hentitra ny eo anivon'ny kaominina Ampitatafika distrikan' Antananarivo atsimondrano amin'ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana. Jiolahy telo mpangalatra jiro « panneaux solaires » ireny mantsy no tratran'ny zandary sy ny andriamasom-pokonolona nangalatra teny amin'ny andrin-jiro manamorona ny làlam-pirenena mihazo an' i Fenoarivo iny ny alin'ny Talata 20 Aogositra lasa teo. Vokatry ny fiaraha-miasan'ny roa tonta dia tratra avy hatrany ny iray tamin'ireo jiolahy ary rehefa natao ny fanadihadiana dia fantatra avokoa ireo telo namany, saingy mbola karohina kosa ny iray. Omaly no nihaona tamin'ny mpanao gazety teny Ampitatafika ny teo anivon'ny kaominina notarihan'ny ben'ny tanànan' Ampitatafika, Rado Ramparaoelina niaraka tamin'ny lehiben'ny tobim-paritry ny zandarimaria Fenoarivo sy Ampitatafika. Nandritry ny tatitra nataon'ny zandarimariam-pirenene tao Fenoarivo dia fantatra fa 16 ireo « panneaux » miampy « batterie » miisa efatra no efa nangalarin'izy ireo ary efa maro no very teo aloha. Mponina avy eny amin'ny kaominina Fenoarivo kosa no fantatra fa mpanao ity asa ratsy ity ary sandaina iray alina ariary ny iray amin'ireo halatra azon'izy ireo. Sarety na posy ihany koa no itateran'izy ireo ireo entana very, ary efa misy toerana fanafenana azy ireo. Tamin'ireo tratra nangalatra ireo fitaovana ireo dia efa nisy no niditra am-ponja, nisy ny voatifitra ary mbola nanamafy ny mpitandro filaminana fa tsy handefitra mihitsy amin'ireo tratra manao ity asa ratsy ity. Nambaran'ny ben'ny tanànan'Ampitatafika ihany koa fa nahomby ny hetsika tao anatin'ny enim-bolana niarahana tamin'ireo mpitandro filaminana sy ny andrimasom-pokonolona, ary nisy ny vokatra toy ireo mpivaro6 tra rongony, ireo mivarotra toaka amin'ny alina sns… Mitohy hatrany ny hetsika hoy hatrany ny ben'ny tanàna satria tanàna madio sy milamina amin'ny lafiny rehetra no tanjona. Manentana ny rehetra, indrindra ireo mandeha amin'ny alina ny mpitandro ny filaminana fa tsy maintsy mitondra karapanondro , ankoatr'izay dia mila mijoro ihany koa ny andrimasom-pokonolona satria nahitam-bokany ny ezaka natao. Mitohy hatrany ny ezaka hoy ny ben'ny tanànan'Ampitatafika ka misaotra sy mankasitraka ireo rehetra nifanome tànana tamin'izao ady amin'ny tsy fandriampahalemana izao.

**Rajo**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**17/08/19 hatramin'ny 24/08/19**

- **MAMY** (67HA Nord Est)
020 22 318 21/020 24 627 72
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana)
020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor)
020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra)
020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona)
034 07 228 98

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 944-08-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VOKATRA MIDITRA ETO MADAGASIKARA

# Nahitana vokatsoa amin'ny tsena anatiny ny fametrahan'ny ANMCC tataon-ketra

Nahitana fiakarany ny saran' ireo vokatra avy any ivelany, izay mitobaka teo amin'ny tsena amin'ny vidiny mora, voakasik'izany ny Paty sy ny Spaghetti, ny ronono, ny menaka, ny savony, bodofotsy sy ny sisa... Tsikaritra ihany koa ny ezaka fanarahan-dalàna ataon' ireo orinasa vahiny mandraharaha eto Madagasikara. Mahatonga fikato- nana ho an'ireo orinasa eto an-toerana ny tsy fitovian'ny fifaninanana ara-barotra sy ny fanjaka- zakan'ireo orinasa vahiny eo amin'ny fandraharahana sy ny tsena anatiny. Mba hisorohana izany, nametraka fepetra tataon-ketra na taux de droit additionel amin'ny fanafa- rana entana eny anivon' ny fadintseranana ny A.N.M.C.C (Autorité nationale chargé de Mesure Corrective et commerciale), ka ny fampidiran' ireo orinasa mpanafatra vokatra ao anatin'ny mason-karena avy amin' ny fandraharahana nataony no misy fiantraikany any vidin'ny entana miditra eto Madagasikara. Nanazava Andriamatoa Barthelemy, Tale Jeneralin'ny A.N.M.-C.C, fa ny fepetra fampanarahan- dalàna (mesure corrective) ; ny fepetra fampitoviana ny rehetra eo amin' ny sehatry ny fifaninanana (mesure anti-dumping) ary farany ny fepetra fiarovana(mesure de sauvegarde) no ampiharina amin'ireo orinasa nahazoan'ny A.N.M.C.C fitarainana. Nanamafy anefa ny Tale Jeneralin'ny A.N.M.-C.C fa tsy maintsy misy fanadihadiana lalina sy fihainoana mikasika an'ilay orinasa nahazoana fitarainana, alohan'ny hanatanterahana an'izany. Misy ihany koa ny famotorana mikasika ny fidiran'ny vokatra eto Madagasikara. Ny fiarovana ny zon'ny Mpanjifa sy ny Indostria Malagasy ary ny fanatsarana ny tontolon'ny tsena eto Madagasikara no tanjona amin'ity tetik'asa ity hoy ny tompon'andraikitra eo anivon'ny A.N.M.C.C.




*Birao nasionalin'ny A.N.M.C.C etsy Antanimena.*

***Franck Razakambelo***

Haona Fi andiany faha-2.

# Ho tanterahana eny amin'ny Village Voara Andohatapenaka

Hetsika rodorodo Haona Fi andiany faharoa hatao eny amin'ny Village Voara Andohatapenaka mandritra ny 4 andro, hetsika ara-barotra, ara-tsosialy sy ara-panahy ary koltoraly izay hotanterahina eny amin'ny Village Voara Andohatapenaka ny 30 aogositra 2019 ka hatramin'ny 02 Novambra 2019 ho avy izao. Tsenaben' ny varotra sy fampirantina karakarain'ny Foiben'ny FJKM, ka tranoheva maherin'ny 200 no handray anjara amin'izany, ahitana an'ireo entana maro samy hafa ilaina amin'ny fiainana andavanandro, ny fizaham-pahasalamana toy ny fitsaboana maso ; ny nify ; ny fitiliana ny aretina Diabeta sy Homamiadana ary ny tranon-jaza. Nanamafy Ramatoa Lala Disaine Mpikarakara ny hetsika Haona Fi fa hisy ireo tolotr'asa sy fampiofanana ary famelabelaran-kevitra mikasika ny fitaizana ny maha olona sy ny ara-panahy. Ankoatra izany, mbola ho hita mandritra ny hetsika ihany koa hoy Ramatoa Lala Disaine ny fitoriana ny filazan-tsara sy ireo hetsika koltoraly toy ny hira gasy sy ny sangan'asan'ireo mpihira ara-pilazan-tsara avy amin'ny fiangonana ary ny kilalao sy fifaninanana maro samihafa. Tsy hadino ny varotra Flash hataon'ireo tranoheva mandritra ny 4 andro. Mpitsidika miisa 30 000 no handrasana amin'ity hetsika Haona Fi andiany faharoa ity ary mirary ny vidim-pidirana amin'izany.

***Franck Razakambelo***




*Ramatoa Lala Disaine Mpikarakara ny hetsika Haona Fi andiany faharoa.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 289**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0288)

**Mitsivalana**
- Volamena
- Asako – At
- Ranomena
- Amy – Bodo
- Tra
- Rora – Hao
- Ala – Fay

**Mitsangana**
- Varatra
- Maso (Miv) – Lo (Miv)
- Lanitra
- Ako – Rà
- Momba
- Eo – Ha
- Nandray
- Atao

## TENY MIFANARAKA N° 289




**Mitsivalana**
**1.** Miparitaka **2.** Harena (Miv) – Fototenin'ny mandao **3.** Embona (BR) – Raharaha **4.** Fifanolanana (Miv) **5.** Eritreriny **6.** Tsy tsaroana **7.** Kanto – Teny miangavy, mandrara **8.** Heno – Vita amin'ny tanimanga (BR) – Firenena (BR) **9.** Ao amin'ny rora – Toeram-piasana **10.** Zava-maniry (Miv)

**Mitsangana**
**A.** Tsy salama – Aviavy **B.** Bengy – Fanaviana **D.** Taranakao **E.** Hazo maro tapaka – Havana **F.** Ampahatelon'ny ronono – Tamy – Farateny (Miv) **G.** Nikaroka (Miv) – Gia **H.** Vahiny – Kianteny **I.** Marary saina (Miv) – Ilaina amin'ny fanorenana izay atao (Miv) **J.** Lio – Nitetika, naniry (BR) **K.** Jamoka – Milaza fananana

### Valiny Teny mifanaraka 0288

**Mitsivalana**
1 *Maloto* - Soa **2.** Ivoloina **3.** *Ao* - Dakao **4.** *Ambola* **5.** *Anabavy* - Id **6.** Eo - Roa (*Miv*) **7.** Lona (*Miv*) - Kanto **8.** *Mitolona* **9.** Inona ? - Na **10.** Sakaizany

**Mitsangana**
A. *Miala* - Sima (*Miv*) B. *Avo* - Nenina D. Lo - *AA* - Kato (*Miv*) E. Olombelona F. To - Boa - Lay G. Vidio (*Miv*) - Ko H. Lany (Naly) - *Aina* (*Miv*) I. *Saka* - Ana J. Toy (*Miv*) - Ny K. *Avandrano*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fanolorana fitaovana ho an'ireo mpanala fanadinana CEPE teny amin'ny EPP Ankeniheny boriborintany faha 6.






Ny fanomezan-drà nataon'ny mpamonjy voina tetsy Tsaralalana omaly.

